FITSIPIKA ANATINY

(Fanovàna natao ny 16/12/2011)

ANCESM

Association Nationale du Commerce

Equitable et Solidaire de Madagascar

BP 9041-A Malaza Andoharanofotsy
Tél: 020 22 570 96
info@ancesm.org
www.ancesm.org

FITSIPIKA ANATIN'NY FIKAMBANANA NASIONALY NY VAROTRA ARA-DRARINY IFAMPIANTOHANA ETO MADAGASIKARA, ANCESM, ASSOCIATION NATIONALE DU COMMERCE EQUITABLE ET SOLIDAIRE DE MADAGASCAR

Ny fitsipika anatiny no mamaritra antsoratra ny fitsipi-piasàna voalaza ao anatin'ny satan'ny FIKAMBANANA NASIONALY NY VAROTRA ARADRARINY SY IFAMPIATOHANA ETO MADAGASIKARA na ny ANCESM. Ny fitsipika anatiny no manazava bebe kokoa ireo andinin-dalàna sasantsasany ao amin'ny sata mifehy ny fikambanana ; ka noho izany dia mihàtra amin'ny mpikambana rehetra izy ary azo ovain'ny avy eo anivon'ny filàn-kevi-pitantanana amin'ny fotoana rehetra. Na izany aza, ny fitsipika anatiny sy izay mety fanovàna atao aminy dia tsy maintsy entina eo amin'ny fivoriam-be mba heken'ny rehetra.

Toko. 1. Ny Mpikamban'ny ANCESM

And.1. Ny fidirana ho mpikambana

Ireo rehetra maniry hiditra ho mpikambana dia manao fangatahana antsoratra aterina ao amin'ny biraon'ny Sekretera Tekinika. Hisy ny taratasy fanadiadiana homena hofenoin'ny mpangataka, ary haveriny amin'ny fotoana tokony hamerenana azy.
Misy fihaonana manokana ataon'ny mpitsara (birao teknika sy mpikambana ao amin'ny komity mpanatanteraka) sy ny mpikambana. Raha tsy azo antoka ny vokatry ny fanadihadiana izany dia misy fitsarana faharoa. Ny fanadihadiana dia mifototra amin'ny fanajàna ireo fitsipiky ny varotra ara-drariny Ifampiantohana.

And.2 Fepetra takiana ho mpikambana

Ireo mpikambana rehetra dia:
-manaiky sy manaja ny fitsipika rehetra takian'ny varotra ara-drariny sy ifampiatohana
-manaiky sy manaja ny fitsipika anatiny
-mahefa ara-potoana ny latsakemboka isantaona
-mandray anjara mavitrika isaky ny misy ny fivoriana
- manaiky ny fanombanana isan-taona ataon'ny avy amin'ny filàn-kevi-pitantanana sy ny sekretera teknika
- mandray anjara feno amin'ny asa anatiny (fivoriana, mandefa soso-kevitra, hafa)
-,manaiky ny hevitra tapaka ny fivoriambe indrindra eo amin'ny fanavaozana ny lisitry ny mpikambana isan'taona
Aorian'ny fanamarinana ny fandrotsahana ireo latsak'emboka sy ny tombana natao tamin'ny taona lasa, ny lisitry ny mpikambana dia havaozin'ny avy eo anivon'ny fiàn-kevi-pitantanana sy ny sekretera teknika isan-taona. Ny lisitra dia avoaka ampahibemaso amin'ny fotoanan'ny fivoriam-be.

And.3. Tsy mpikambana intsony

Ireto ny fepetra tsy maha mpikambana:
- tsy fandoavana sarampidirana
-tsy fanefàna latsakemboka
-fametraham-pialàna
-fandroahana noho ny hadisoana vita
-fandravàna ny fikambanana

And.4 Fomba fanalana ny Mpikambana

- Ny filankevi-pitantanana no milaza ny fialana ; fa alohan'izay, dia asaina an-taratasy ny mpikambana voalaza mba ho avy eo anatrehan'ny sekretera teknika. Aorian'ny latsabato miafina, dia lazaina ampahibemaso ny fanalàna.
- Tsy misy fanonerana atao ,eny na ny latsakemboka efa voaloa aza, aorian'ny fanalàna

And.5 Zon'ny Mpikambana

-mifidy an-kalalahana eo anivon'ny fikambanana
- mandray ny tombotsoan 'ny mpikambana
-mitaky ny rosia nandoavana ny latsakemboka any amin'ny mpitam-bola
-manan-jo amin'ny fanarahamaso ny fampiasàna ny vola, fijerena ny bokim-bola ary ny fanaraha-maso ny fanatanterahana ny asa ny mpikambana rehetra.

And.6. Andraikitry ny mpikambana

-manantanteraka ny asa ampanaovin'ny fikambanana
-mandray anjara amin'ny fivorian'ny fikambanana
- mitatitra any amin'ny fikambanana misy azy ny vaovao sy ny fanapahan-kevitra rehetra nandritra ny fivoriam-be
-manefa ara-potoana ny latsakemboka isan-taona lanieran'ny Fivoriambe

Toko. 2 NY FIVORIAMBE

Roa karazana ny Fivoriamben'ny fikambanana: fivoriambe ara-potoana sy fivoriambe tsy ara-potoana

And.1. Ny Fivoriambe ara-potoana

Indroa isa taona ny fivoriambe ara-potoanan'ny mpikambana.
Ny Fivoriambe voalohany natao hankatoavana ny tatitra teknika sy tatitra ara bola'ny taona lasa ary ny lahatrasa mandavantaona sy ny vinavinambola mety ho lany amin'izany. Atao anatin'ny ny telovolana voalohany izany fivoriambe izany.

Ny Fivoriambe faharoa dia natao ankatoavana ny tatitra ara teknika sy ara bola antenantenany, ary koa ankatoavana ny tetik'asa sy ny teti-bola ho an'ny taona manaraka; izany dia atao anatin'ny telovolana faran'ny taona.
Azo atao no manao fivoriambe solony raha tsy ampy ny ampahan'isa be ilaina, ka izany dia atao 15 andro aorian'ny fivoriam-be voalohany.

And.2. Fivoriambe tsy ara-potoana

Natao handinihina ny zava dehibe tsy mahazatra ary tsy voahevitra tao amin'ny fivoriambe ara-potoana ny fivoriambe tsy ara-potoana. Natao hamolavolana ny sata, ny fifampifehezana anatiny, ny fifidianana ny tompon' andraikitry ny mpikambana, ny fanoloana ny mpikambana tsy afaka intsony noho ny antony samihafa: fahafatesana, fialana, fahovoazana, sns Jereo And. 16 ny sata
Ny filohan'ny Fikambanana na ny ampahatelon'ny mpikambana no afaka mampiantso ny fivoriambe tsy ara-potoana.
Ny fiantsoana misy ny lahadinika vita soanian'ny Filoha na ny Filoha Lefitra, dia alefa dimy ambifolo andro alohan'ny fivoriamben'ny Fikambanana.
Tsy azo atomboka ny fivoriambe raha tsy feno ny salan'isa 50% +1 ny mpikambana

Raha tsy tratra ny salan'isa dia averina ny fivoriana dimy ambifolo andro aty aoriana, miaraka amin'ny fampiantsoan'ny filoha. Ny fivoriam-be tsy ara-potoana manaraka eo dia tsy ilàna ampahan'isa intsony.

	Ampahanisa ilaina	Ampahanisa manapaka	Latsabato
Fivoriambe ara potoana	Antsasamanila (50% + 1)	75% ny mpivory	Latsabato miafina
Fivoriambe tsy ara potoana	Antsasamanila (50 % +1)	Antsasamanila (50% +1)	Latsabato miafina
Fivoriabe ara-potoana faharoa raha tsy nahatratra ny ampahanisa ny voalohany	Tsy misy ampahanisa	Antsasamanila (50% + 1)	Latsabato miafina

Ny mpikambana ao amin'ny fivoriam-be no manapaka isan-taona ny latsakemboka ho an'ny taona manaraka.
Ireo lany rehetra mandritra ny fivoriana dia raisin'ny ANCESM an-tanana avokoa.
Ny toerana hanatanterahana ny fivoriana dia azo atao amin'ny toerana rehetra manerana ny nosy, ka ny filàn-kevi-pitantanana no manapaka izany.

Zo hifidy: ny mpikambana rehetra dia afaka manendry mpikambana hafa hisolo azy amin'ny fifidianana na hanapa-kevitra eo amin'ny toerany. Ny solotena amin'izay dia tsy maintsy mampiseho taratasy fanomezam-pahefana avy amin'ilay mpikambana soloiny tena.
Ny fivoriambe no manapaka isan taona ny latsakemboka aloa isan-taona

Tsangantanana na vato miafina no fomba andaniana ny hevitra tapaka. Tokony hisy hatrany ny fisy mari-pahatongavana sy ny tatitra mirakitra an-tsoratra ireo lohahevitra rehetra nodinihana sy ireo hevitra rehetra tapaka.
Ny mpitàn-tsoratra no mandrafitra ny tatitra ary mitahiry azy; tokony hisy kosa dika mitovy izay tehirizin'ny sekretera teknika.
Asian'ny mpitantsoratra sy ny filoha rangopohy ny tatitry ny fivoriambe ary avy eo dia mihàtra amin'ny mpikambana rehetra.

Azon'ny solontenampanjakana sy ny solontenanan'ny mpamatsy vola ary ny birao tekinika ny manatrika ny fivoriana raha ilaina izany. Fa tsy manan-jo hifidy kosa izy ireo.

Toko. 3. Komity mpanantanteraka, komity mpanaramaso ary ny sekretera teknika

And.1 Ny Komity Mpanantanteraka

Rafitra	Mpamokatra sy ny hafa	Sampanasa mpanohana
Mpikamkana 9	6	3

Fivoriana	Salanisa ilaina	Antsasamanila	Latsa bato
Fivoriana voalohan'ny komity mpitantana	5/9 mpikamban'ny komity mpanantanteraka	Antsasamanila (50 % +1) Manankery kokoa ny vaton'ny filoha raha sendra mitovy ny vato	Tsangantanana naa vato miafina araka ny ifnrahan'ny mpikambana
Fivoriana faharoan'ny kpmity mpanantanteraka	Tsy misy salanisa	Antsasamanila (50% +1) Manankery kokoa ny vaton'ny filoha raha sendra mitovy ny vato	Tsangantanana na vato miafina raha takin'ny mpikambana

Mivory isaky ny telo volana ny komity mpanantanteraka . Ireto ny andraikiny:
-mandinika ny amin'ny fivoaran'ny asan'ny fikambanana
-mandrindra sy manantanteraka miaraka amin'ny sekretera teknika ny hevitra tapaky ny fivoriambe

Antsoina dimy amby folo andro aloha ny mpivory. Alefa fito andro aloha ny tahirin kevitra. Azo alefa amin'ny mailaka ny hevitra manokana araka ny hambara eto ambany:

-alefan'ny filoha mailaka ny antontan-kevtra afahan'ny mpikamban'ny komity mpanantanteraka mandinika sy mihevitra

-afaka mifanankalo hevitra mandritry ny folo andro ny mpikambana

-valo andro aorianan'ny nandefasana ny filazana dia manontany ny hevitry ny komity farany ny filoha

-manangona ny hevitra farany tapakin'ny komity ny filoha amin'ny andro faha iraika ambifolo. Laniera ny hevitra raha mihoatra ny 5/9 ny mpikambana ao amin'ny komity no manaiky.

-raha tsy tapaka ny hevitra dia hodinihina amin'ny fivoriana manaraky ny komity mpanatanteraka.

Voarakitra antsoratra ny hevitra tapakan'ny komity mpanantanteraka ary tsy maintsy ampafantarina ny mpikambana amin'ny alalan'ny taratasy na ny mailaka mba ahazoan'izy ireo mitatitra amin'ny vondrona misy azy.

Raha misy fahabangan'ny tomponandraikitra ao amin'ny komity dia aroso amin'ny fivoriambe manaraka ny fifidianana.

Raha ilaina dia mivory ny eo anivon'ny filàn-kevi-pitantanana hanendry azy , ka avy amin'ny kandidà izay tsy lany tamin'ny fifidianana farany, na avy amin'ny mpikambana tsotra

Izay olona voafidy eo dia mamarana ny fitondràny miaraka amin'ireo mpikambana ao amin'ny filàn-kevi-pitantanana.

Manana fahefana mitovy ny mpikambana eo anivon'ny filàn-kevi-pitantanana. Ny tsy fahatongavana in-telo amin'ny fivoriana, izany hoe ny fivoriana eo anelanelan'ny fivoriambe

roa, dia manala ny mpikambana ao amin'ny filàn-kevi-pitantanana avy hatrany. Na izany aza dia azony atao ny mandray anjara amin'nyfivoriam-be.

Raha misy ny fahamehana, ny filoha dia afaka mampiantso fivorian'ny filàn-kevi-pitantanana, tsy misy fe-potoana ary teboka iray ihany no tokony hodinihana. Ny ankamaroan'ireo mpikambana dia tokony ho tonga avokoa.

Tokana ary tokana ihany no olona soloina tena amin'ny fivoriana.

And. 2. Fepotoana iasan'ny filàn-kevi-pitantanana

Telo taona no iasan'ny filàn-kevi-pitantanana ary azo havaozina indray mandeha izany Azon'ny fivoriambe soloina ny mpikamban'ny filàn-kevi-pitantanana rahya toa ka tsy afaka manao ny asany izy. Ireo mpikambana tsy afaka manao ny asany dia tsy maintsy mamindra an-tsoratra mazava ny fahefany.

And. 3 . Ny andraikitry ny filàn-kevi-pitantanana

3.1. Ny mpikambana ao amin'ny filàn-kevi-pitantanana

-mandrindra sy manatanteraka ny hevitra tapaky ny fivoriambe ara-potoana
-miasa miaraka amin'ny birao teknika
-mitady loharanom-bola hoan'ny fikambanana (manaraka ny lalàna mifehy sy ny satan'ny Fikambanana)
-miara-miasa amin'ny fanatanterahana ny hevitra tapaky ny fivoriam-be.

3.2. Ny Filoha

-tomponandraikitra voalohan'ny fikambanana eo anatrehan'ny lalàna sy ny fanjakana
-misolo tena ny fikambanana amin'ny fifandraisa amin'ny any ivelany: olontsotra, mpiombonantoka, mpandraharaha, sampanasa sosialy, mpamatsy vola, sns
-mitarika ny fivorian'ny filàn-kevi-pitantanana sy ny fivoriambe
-mandrindra ny fampandehanan-draharaha eo amin'ny filàn-kevi-pitantanana
- mampiantso sy mitarika ny fivorian'ny filàn-kevi-pitantanana
- mampiantso sy mitarika ny fivoriam-be
-mandamina ny fandaniana eo anivon'ny fikambanana
-manao sonia miaraka amin'ny mpitahiry vola ny solovola
-manao ny famindrana ara-dalana raha sendra misy fialan'ny mpikambana ao amin'ny filàn-kevi-pitantanana.
- manasonia ireo taratasy fandraharahana sy ireo taratasim-bola rehetra miaraka amin'ny mpitàm-bola.

3.2. Ny Filoha Lefitra

-manampy ny Filoha amin'ny adidy sy ny andraikiny
-misolo toerana ny Filoha raha sendra misy tsy fahafahany, afa-tsy ny amin'ny resaka ara-bola ihany.
-misolo toerana tanteraka ny Filoha raha misy ny fialany mandra-piavin'ny fivoriam-be tsy ara-potoana anaovana ny fifidianana.

3.3. Ny Mpitantsoratra

-manampy ny Filoha amin'ny fikarakaràna ny fivoriana rehetra (miaraka amin'ny birao teknika)
- manao ny fampiantsoana ho amin'ny fivoriana
-mirakitra antsoratra ny tatitra ny fivoriana rehetra (miaraka amin'ny sekretera teknika)
-mampihatra ny hevitra vaovaon'ny fikambanana
-manao antsoratra ny tatitra isan-taona (miaraka amin'ny sekretera teknika)
-mandamina ny fifandraisan'ny fikambanana amin'ny any ivelany
-mitahiry ny ny antotantaratasy rehetran'ny fikambanana
-mitahiry ny lisitry ny mpikambana
- miantoka ny fifandraisan'ireo mpikambana. Mandefa ny tatitra rehetra amin'ny mpikambana, mandray ny filàny (tohanan'ny sekretera teknika)

3.2. Ny Mpitambola

-tomponandraikitra voalohany amin'ny fitantanambolan'ny fikambanana ary ny fikajiana ny taratasy ilain'ny bokimbola
-mandray ny vola miditra ho an'ny fikambanana
-mamoaka ny vola ary manao tatitra ara-potoana amin'ny filàn-kevi-pitantanana
- tompon'andaikitra amin'izay rehetra ataony izy amin'ny maha-mpitam-bola azy.
- mitana ny bokimbola
-mandray sy manamarina ny saram-pidirana sy ny latsakembokan'ny mpikambana
- mitantana ny fananan'ny fikambanana araky ny fanapahan-kevitry ny filàn-kevi-pitantanana
- afaka manome soson-kevitra amin'ny teti-bolan'ny fikambanana
- manara-maso ny fandaniam-bola, mitahiry an-tsoratra ary manara-maso ny fivoaran'ny fiaraha-miasa ara-bola amin'ireo vondrona any ivelany
-manaiky ny fanamarinana ataon'ny mpikambana, ny fanjakàna ary ny mpikambana mpanara-maso
- manome rosia ireo mpikambana rehetra nandoa ny latsakemboka sy ny saram-pidirana
-mitaky ny taratasimbola amin'izay vola rehetra mivoaka
-manao ny tatitra ara-bola

3.3. Ny Mpanolontsaina

-manome soson-kevitra hampandroso ny fikambanana
- manome soson-kevitra amin'ny raharaha andavanandro
-mamakafaka ireo asa vita araka ny rijan-teny fototra napetraka
-mandray anjara amin'ny dinika rehetra ho amin'ny fanatsaràna ny fampandehanan-draharaha

3.4. Ny Rafitra mpanaramaso

Olona telo, voafidy lanieran'ny mpikambana:

-manaraka ny toe-bolan'ny fikambanana: bokimbola, taratasimbola, fitantanambolan'ny Mpitambola, alohan'ny tatitra ara-bola amin'ny faran'ny taona ary isaky ny ilaina, na arakaraky ny fangatahan'ireo mpikambana.
-manaramaso sy manamarina ny fananan'ny fikambanana ary koa ny fomba fiasan'ireo rafitra hafa.
-miantoka ny fangaraharahana eo anivon'ny fikambanana
- manamarina ny kaonty rehetra alohan'ny fivoriam-be, amin'io fotoana io ihany koa no anatanterahan'ny Filàn-kevi-pitantanana sy ny sekretera teknika ny tatitra rehetra
-manamarina tsy ara potoana ny bokimbola
- manara-maso ny fampiasàna ny fananan'ny fikambanana
- ny fanaraha-maso sy ny fanamarinana rehetra dia tokony hisy tatitra avokoa, izay soniavin'ny mpanaramaso sy ny mpitàmbola
-manao tatitra amin'ny Filoha sy ny mpikambana mandritry ny fivoriambe ara-potoana

3.5. Ny Birao teknika

Ny fampidirana ny mpiasa raikitra ao amin'ny birao teknika dia hatao an-gazety.
Ny isan'ny mpiasa dia miovaova araky ny fiàna sy ny fivoaran'ny asa iandraiketan'ny birao
Mpiasa raikitra mandray tambiny ny birao teknika ary misahana ny fandraharahana sy ny teknikan'ny fikambanana.

Toko. 4 NY LOHARANOMBOLAN'NY FIKAMBANANA

And.1. Latsakemboka isan-taona

Ny latsakemboka dia ny vola izay angonin'ny fikambanana mba hampandehanana ny raharahan'ny fikambanana.
Manefa latsakemboka isan-taona ny mpikambana tsirairay .
Ny Fivoriambe ara-potoana no mametra isa-taona ny latsakemboka aorian'ny fankatoavana ny toe bola isan-taonan'ny fikambanana.
Manomboka ny taona 2012, dia toy izao ny fitsinjaran'ny latsakemboka:

- **15 000 Ar ho an'ny mpamokatra**
- **45 000 Ar ho an'ny toeram-pivarotana**
- **45 000 Ar ho an'ny mpanondrana entana mankany ivelany**
- **45 000 Ar ho an'ireo mpanafatra vokatra**
- **45 000 Ar ho an'ireo vondrona mpanohana**

And.2. Ny saram-pidirana

Ny saram-pidirana dia ny vola izay aloan'ireo mpikambana vaovao izay haloa amin'ny fotoana hidirana. Ny fivoriam-be no mamaritra ny saram-pidirana tokony haloa arakaraky ny antokon'ny mpikambana.
Toy izao manaraka izao ny saram-pidirana ho mpikambana:

- **10 000 Ar ho an'ny mpamokatra**
- **25 000 Ar ho an'ny toeram-pivarotana**
- **25 000 Ar ho an'ny mpanondrana entana mankany ivelany**
- **25 000 Ar ho an'ny mpanafatra vokatra**
- **25 000 Ar ho an'ny vondrona mpanohana**

And.3. Fanefana ny saram-pidirana sy ny latsakemboka isan-taona
Mandritry ny fivoriambe dia faritan'ny mpikambana ny fotoana fanefana ny latsakemboka isan-taona sy ny saram-pidirana. Ny mpitam-bola no mitaky ny fanefàna rehetra tokony hatao, miaraka amin'ny fanohanan'ny sekretera teknika. Efaina alohany faran'ny telovolana voalohany ny latsakemboka isan-taona,
Lazaina amin'ny alalan'ny taratasy vita sonian'ny Filoha ny fe-potoana fandoavana sy ny sandan'ny latsakemboka tokony hefain' ny mpikambana

And.4. Fe-potoana fanefana ny latsakemboka sy ny saram-pidirana
Dimy ambifolo andro aorianan'ny fanekena hiditra ho mpikambana ny fe-potoana fandoavana ny saram-pidirana.
Azo atao indroa mandoa ny latsakemboka; ny voalohany dimy ambifolo andro aorinan'ny fivoriambe ara potoana voalohany, ary ny faharoa dia efaina anatin'ny telovolana aorianan'ny fivoriambe.

And.5. Ny bokimbolan'ny fikambanana
Ny antotantaratasim-bolan'ny fikambanana (bokimbola, faktiora, fanamarinana, sns,) dia amarinina sy vita rangopohy ny mpandraharaha isam-pejy ary tehirizina mandritry ny folo taona farafahakeliny.

And.6 Ny tambin-karama sy ny fiantohana ny lany mandritra ny fivoriana

Ny olona ao anatin'ny komity mpitantana sy ny mpanaramaso dia **tsy mahazo tambin-karama amin'ny asa ataony ho an'ny fikambanana**.
Ny fandaniana mivantana toy ny : saram-pitaterana, fiantranoana, sakafo, ihany no honerana ary misy taratasy fanamarinana, ho an'ny mpikambana rehetra afa-tsy izay mipetraka eo amin'ny faritra anatanterahana ny fivoriana.
Ny famerenam-bola dia miankina amin'ny eo an-tanana'ny fikambanana ary lanieran'ny fivoriambe ara-potoana amin'ny alalan'ny latsakemboka voaangon'ny fikambanana.

And.7 Ny Fampiasam-bola
Ny vola atolotry ny mpamatsy dia tsy maintsy manaraka ny fepetra nifanarahana voasoratra ao anaty fifanekena.

And. 8 Ny Fandrindrana ara-bola ao amin'ny fikambanana
Tsy maintsy aloa solovola ny fanefana ny taratasimbola mihoatry ny 50.000,00 ariary.
Tsy tokony hihoatran'ny 20.000,00 ariary ny vatambolan'ny Mpitahivola amin'ny fandaniana andavanandron'ny fikambanana. Tokony hamatsy izany vatambola izany isaky ny tapa-bolana.

And.9. Ny disadisa eo anivon'ny mpikambana

Tsara raha mitady fifanarahana ny mpikambana raha sendra misy ny disadisa. Raha tsy voalamina dia antsoina ny fikambanana handrindra izany. Raha mbola tsy voalamina eo dia hakarina fitsarana.

And.10 Ny fanodikodinam-bolan'ny fikambanana
Ny tomponandraikitra nampiasa ny volan'ny fikambanana, tsy nankatoavin'ny fivoriambe na tsy manaraka ny fomba fampiasam-bola voalazan'ny sata na ny fitsipika anatiny dia tsy maintsy mamerina izany iray volana farafahatarany, esorina avy hatrany amin'ny asany izy ary azo atao ny mitondra ny raharaha eny amin'ny fitsaràna.

And. 11 Ny mari-pahamantarana (label) : famantarana voapetraka

Voapetraka any amin'ny sampandraharaha Fitsarana momba ny varotra miaro amin'ny halatra sy hosoka antsoina hoe: Office Malgache de la Propriété Industrielle OMAPI ny mari-pahamantaran'ny fikambanana. Efatra ny endrika isehoan'izany:
-laharana 08471 nomena tamin'ny faha 03 desembra 2007, dika frantsay, Madagascar Commerce Equitable et Solidaire, sary misy loko roa
-laharana 08472 nomena tamin'ny faha 03 desembra 2007, dika frantsay, Madagascar Commerce Equitable Solidaire, sary maro loko
-laharana 08473 nomena tamin,ny faha 03 desembra 2007, dika frantsay, Madagascar Commerce Equitable, sary maro loko
-laharana 08474 nomena tamin'ny faha 03 desembre 2007, dika anglisy, Madagascar Fair Trade, sary maro loko.

Ny mari-pahamantarana dia manome toky ny mpamokatra sy ny mpanondrana eo imason'ny mpamjifa.

And.12 Fampiasana ny mari-pahamantarana sy ny tambiny

Ny tambiny aloan'ny mpikambana mampiasa ny mari-pahamantarana dia vola arotsaka hoan'ny Fikambanana. Ny mari-pahamantarana dia mihàtra amin'ny mpamokatra fa tsy amin'ny vokatra. Ny fampiasana ny mari-pahamantarana dia midika fa manaraka ny fitsipika rehetra momban'ny Varotra Aradrariny sy Ifampiantohana toy ny tsy fampisana zaza tsy ampy taona, ny fanatsarana ny farimpiainan'ny mpiasa, sns,

Toko 5 FANOVANA NY FITSIPIKA ANATINY

Azo hatsaraina amin'ny fotoana maha mety azy ity fitsipika anatiny ity. Mihatra avy hatrany ny fanovana rehefa avy nodinihin'ny filàn-kevi-pitantanana ary nankatoavin'ny mpikambana tamin'ny fivoriambe.

Hita sy eken'ny mpikambana

Natao teto Antananarivo, ny 16 desambra 2011

Ny Filoha **Ny Mpitantsoratra**

Haingonirina RANDRIANARIVONY **Sariaka NANTENAINA**